Mpomba an'i Dada boriborintany faha-6

Mampahafantatra faran'izay tratra ny laharana faha-25 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 22 septambra 2018 Laharana 817 Vidiny : 400 Ar


**Lioka 3: 3-6** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 16 septambra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**MBS Televiziona** 6

# Efa mandeha amin'ny STARTIMES




**Iraky ny Sekretera Jeneralin'ny ONU** 2

# Nihaona tamin'ny kandidà N°25, Ravalomanana



**FANIRY ERNAIVO N°24** 3

## Tsy maintsy manova isika



**Boriborintany faha-6 (CUA)** 6

## Nanao fanadiovana faobe entina miady amin'ny aretina pesta

**Miandrarivo Bongolava** 6

## Trano miisa 39 no may kilan' ny afo noho ny doro tanety

**Mpianatra hanala fanadinana** 6

## Nisy naka an-keriny sy namatotra teny an-tsaha

**Daka kely**

Tsy namely mihitsy ny dian'ialahy tany amin'ny Renimalala ry Boaikely a !

**Profesora James Ratsima** 5

## Mpanongam-panjakana ny HCC



IRAKY NY SEKRETERA JENERALIN'NY ONU

## Nihaona tamin'ny kandidà N°25 Marc Ravalomanana

Nihaona tamin'ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana, teny amin' ny trano fonenany teny Faravohitra, ny iraka manokan'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana (ONU), ny mpanolotsaina manokany Abdoulaye Bathily, afak'omaly. Tamin'izany no nampahafantarany an'ity iraka avy any New-York ity ireo olana misy eto amintsika amin'izao iatrehana fifidianana filohampirenena izao. Nandritra ny fihaonana dia nankasitraka ny fianakaviambe iraisam-pirenena, manokana amin' izany ny ONU, ny Filoha Marc Ravalomanana amin'ny fahalinan'izy ireo momba ny fifidianana filohampirenena



*Ny iraky ny ONU, nihaona tamin'ny filoha Marc Ravalomanana teny Faravohitra.*

hatao eto amintsika ny 7 novambra ho avy izao, fifidianana izay iriana ho malalaka sy mangarahara. Ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009 hoy izy dia niteraka fahasahiranana lehibe ho an'ny mponina eto Madagasikara. Noho izany dia nambaran'i Dada fa tokony ho fifidianana mangarahara, tsy miangatra ary eo ambany fanaraha-mason' ny iraisam-pirenena io fifidianana io, mba hahafahan'ny Malagasy tena maneho ny safiny. Naneho ny fahavonany hatrany hitondra fampandrosoana ho an'i Madagasikara ny filoha Marc Ravalomanana, vonona hamerina koa ny tena demokrasia sy ny fanjakana tan-dalàna eto Madagasikara. Teo am-pamarana dia namafisiny fa ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009 dia novidin'i Madagasikara sy ny vahoaka Malagasy lafo tokoa, nikorosy fahana avokoa ny seha-pampandrosoana ara-toekarena sy sosialy. Mahantra ny vahoaka Malagasy ankehitriny ka tsy azo ekena izany hoy izy. Niatrika izao fihaonana izao koa ny mpandrindra ny asan' ny Firenena Mikambana eto amintsika, Ramatoa Violette Kakyoma.

***Isambilo***

Kandida Ravalomanana N°25

## Ho raisina makotroka any Frantsa

Na tsy eto an-tanindrazana aza ireo Malagasy mila ravin'ahitra any ampitandranomasina dia manaraka akaiky ny toedraharam-pirenena eto Madagasikara. Nanomboka tamin'ny 2009 nisian'ny fanonganam-panjakàna notarihindRajoelina sy ny forongony dia tsy nipetrapotsiny izy ireo, fa niady hatramin'ny farany niaraka tamin'ireo mpitolona taty Madagasikara, nitaky ny hiverenan'ny filoha Marc Ravalomanana eto an-tanindrazana. Ankehitriny mbola mitohy ny tolona raha tsy tafapetraka eo amin' ny toerana maha filohampirenena azy indray i Dada hoy ny fanambaràna tonga eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Noho izany indrindra, ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana any Frantsa rehetra dia handray ny kandida filoha Marc Ravalomanana N°25 ny sabotsy 29 Septambra 2018 amin'ny 4 ora tolakandro ao amin'ny Le Millénaire, 77176 Savigny-le-Temple. Koa manantena ny fahatongavan'ny rehetra ny mpikarakara, amin'io fotoana io no hitondrantsika ny anjara biriky entina hanohanana ny kandida laharana faha-25 sy hampandaniana azy ho Filohan'ny Repoblika araka ny fanambaràna hatrany.

***Helisoa***

Bemanjary Flavio, Antsiranana

## Marary i Madagasikara ka mila fifidianana ho fanafody

*Noho ny fankalazana ny andro eran-tany ho amin'ny demokrasia dia nikarakara fifaninanana lahatsoratra ny fikambanana Liberty 32 ny lahatsoratra nosoratin'i Bemananjary Flavio avy any Antsiranana no nahazo ny laharana faharoa tamin'ny fifaninanana lahatsoratra tamin'izany izay nampitondraina ny loha-hevitra hoe:"Soraty ny demokrasia 2018".*

Miisa 206 izao ny firenena manerantany. Ny ankamaroan'ireo firenena ireo dia manaraka ny lalàna demokrasia avokoa. Betsaka ny efa nivoatra, nefa mbola betsaka ihany koa ny mbola tsy mahatazana izany fandrosoana izany, noho ny tsy fanajana ny fifidianana. Ka mombamomba izany indrindra no ndeha horesahina etsy ambany:

Voalohany indrindra, ny fifidianana dia zo sy adidy napetraka ho an'ny olona feno 18 taona no miakatra, tsy anavahana na lehilahy na vehivavy, fa afaka mifidy avokoa ny rehetra. Noho izy adidy izany no antony tsy maintsy anantanterahana azy. Safidy ihany koa ny fifidianana fa tsy ifanerena, izany hoe tsy misy olona terena hifidy ny tsy tian'ny tena, fa izay tiana sy ankatoavin'ny tena ihany no hofidiana. Izany dia midika fa tokony ho manan-tsafidy daholo ny olona rehetra miaina ao anatin'ny firenena iray. Ary izany indrindra no takian'ny firenena amin'ny mponina ao aminy. Fa raha tsy manatanteraka io zavatra io ny vahoaka, dia mety ho tezitra izy, ary izany no mahatonga ny firenena hisedra ny fahantrana. Betsaka ny firenena mbola azo lazaina fa mikororoso fahana amin' izao fotoana iainantsika izao, fa indrindra ny firenena afrikanina, ary anisan'izany i Madagasikara. Mangetaheta fivoarana ny nosintsika. Mba te ho tahaka an'ireo firenena mandroso ireo izy. Betsaka ny raharaha mihodina eto Madagasikara nefa mbola tsy ahitana làlana hampandroso avokoa. Miha-mahantra dia mahantra ity nosintsika izay noheverina ho fitaratry ny ranomasimbe indianina sy Afrika ity. Mbola eo amin'ny laharana faha enina amby sivifolo amby zato izao no misy antsika ao amin'ny firenena enina amby roan-jato manerantany ; nefa efa talohan'io laharana io no nisy antsika teo aloha. Izany dia maneho fa miha-mihemotra isika eo amin'ny lafiny rehetra. Ny fiainana, ny vola dia mihen-danja avokoa. Mifanohitra amin'ny firenena sasany mihintsy isika, izay miha-mivoatra. Manoloana ireo olana sedrain'ny firenentsika ireo, ny mety ho vahaolana voalohany indrindra dia ny hisian'ny mpitarika tena mahay mitantana ity firenena ity ka hampivelatra azy amin'ny lafin'ny rehetra. Satria raha tsy misy mpitarika na koa hoe filoha isika dia mety ho miha-mahantra noho izao indray i Madagasikara. Ary koa, raha tsy misy mpitondra isika dia mety ho very tanteraka ny lanjan'ny fifanajana eo amin'ny Malagasy satria tsy misy lehibe mananatra sy manoro làla-mahitsy. Nefa, isika vahoaka manko no tompon'ny fahefana.

Ny fomba fijery sy ny hevitra ao anatin'ity Lahatsoratra ity, dia tsy voatery mitovy amin'ny fomba fijery sy hevitry ny Liberty 32 fa hevitry ny mpanoratra irery ihany. Mifidy ny olona hatao ho filoha izay heverina fa hahomby amin'ny alalan'ny fandatsaham-bato. Noho izany, raha te hiaina ao anatin'ny fiainana tsara sy firenena sambatra isika, dia tsy maintsy mifidy araka ny safidin'ny tsirairay. Ary izay tapaky ny be sy ny maro no ho filohan'ny firenentsika. Io fifidianana io koa dia azo sokajiana ho fitaovam-piadiana amin' ireo karazan'olana teo ireo, nefa ilay fitaovam-piadiana tsotra, tsy andoavam-bola ary tsy mandatsa-drà. Miisa 27 tapitrisa eo izao ny mponina miaina ao anatin'i Madagasikara,ary tokony ho eo amin'ny 18 tapitrisa eo ho eo ny isan'olona 18 taona no miakatra, nefa zara raha ampy antsasaka io isa io ny mpandray anjara amin'ny fifidianana. Noho izany, dia tokony ho entanina koa ireo tsy ao anatiny mba handray anjara, mba hisian'ny vokatra tsara sy mahafinaritra. Raha tanteraka izany dia mety hiaina ao anaty hasambarana ity nosy malalantsika ity. Raha atao ho bango tokana izay rehetra voalaza teo, dia hita tsara fa misedra olana lehibe ity nosintsika ity amin'izao fotoana izao, nefa isika ihany no afaka mamaha izany olana izany amin'ny alalan'ilay fitaovam-piadiana tsy mandatsa-drà izay antsoina hoe fifidianana. Ka noho izany dia tsy maintsy mifidy daholo ny olona rehetra 18 taona no miakatra mba hampahasalàma ity tany ity satria « marary i Madagasikara ka mila fifidianana ho fanafody ».

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fifidianana anaty pesta, ho foana koa ve ny doro tanety ?

Ahiana ny fiparitahan'ny aretina pesta ao anatin'ny fifidianana filoham-pirenena amin'ity taona ity. Hatreto aloha dia olona 2 no voamarina fa matin'ny aretina pesta, ka tany Ankazobe sy Ambalavao no nahitana io tranga io. Ireo mpivady tany Analavory koa dia voalaza fa matin'ny pesta. 13 no nambaran'ny minisitry ny fahasalamana fa ahiana ho mararin'ny pesta tamin'ireo nanaovana fitiliana teo anelanelan'ny 1 Aogositra sy ny 17 Septambra 2018 lasa teo teto Madagasikara. Avy amin'ny distrika miisa fito izy ireo, dia ny distrikan' Ambalavao, Ambatofinandrahana, Fandriana, Miarinarivo, Ankazobe ary Morondava any amin'ny faritra dimy dia Matsiatra ambony, Amoron'i Mania, Itasy, Analamanga ary Menabe. Nanamafy arak'izany ny teo anivon'ny minisiteran'ny fahasalamana fa ho hentitra amin'ny fandraisan' andraikitra sy ny fanentanana amin'ny fahadiovana sy ny doro tanety. Hatreto anefa aloha dia tsy mbola voafehy izany doro tanety izany eto amintsika ka mety hiteraka savorovoro amin'ny fifidianana filohampirenena amin'ny 7 novambra ho avy izao ve izany? Sa ahoana hoy ianao?

***Rajo***

Mpomba an'i Dada boriborintany faha 6

## Mampahafantatra faran'izay tratra ny laharana faha-25

Nifamotoana teny Avaratetezana Ambohidroa Boriboritany faha-6 ny talata teo nampahafantatra faran'izay tratra ny kandida Marc Ravalomanana N°25 ny mpomba azy rehetra teny amin'ny boriborintany faha 6. Izany dia nahitàna ny depiote voafidy tao amin'ny boriborintany faha- 6, Horace Rasoanoromalala, ny DISTIM sy ny mpikatroka ary ny KMMR (Komity manohana ny filoha Marc Ravalomanana), ny ATS sekeretera sy mpitambolan'ny fokontany ary ny mpanolotsaina ny Tanàna TIM. Nandritra izany no nanambaran'ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ity boriborintany ity, Horace Rasoanoromalala, fa tsy misy hafa-tsy ny filoha Marc Ravalomanana N°25 ihany no hatokisanay hanavotra ity firenena ity. Vonona izahay rehetra mpomba azy hoy ity farany haneho ny fahavononanay hamerina an'i Dada hitondra ny firenena indray. Efa nanao i DADA ary nahavita be, saingy nongotana tamin-kery teo amin'ny fitondràna, koa hamerina azy ara-pomba demokratika izahay, ny mpanongam-panjakàna kosa tsy havela ahazo laka intsony. Mampiavaka anay aty Ambohimanarina ny fambolena vary, tsy nataon'ny filoha Marc Ravalomanana ambanin-javatra izany tamin'ny nanomezany ny voly vary maro anaka anay, koa tsy misy hafa-tsy ny N°25 ihany hoy ny depiote Horace Rasoanoromalala no fantatray ety amin'ny boriborintany faha 6 amin'io fifidianana io hitondra fandrosoana ho an'i Madagasikara.

***Helisoa***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fy R

FANIRY ERNAIVO N°24

# Tsy maintsy manova isika

***Nitafa tamin'ny mpanao gazety ny kandidà N° 24 Faniry Ernaivo. Dinidinika.***

**- Mpanao gazety (MG) : fiteny mahazatra ny hoe: "marina mitavoza-voza tsy maharesy ny lainga tsara lahatra". Ny fampielezan-kevitra dia midika vola mihoa-pampana miparitaka. Ahoana ny fomba hitondrana anao mankany amin'ny fandresena?**

**- FANIRISOA ERNAIVO :** "Tsy vao izao ny tolona amin'ny fanovana no nanomboka fa hatramin'ny nitondrako ny Sendikan'ny Mpitsara. Indrindra moa, hoy aho, fa nitambatra ao anaty vondrona lehibe ny Sendika 80 na avy amin'ny mpiasam-panjakana na mpiasa tsy miankina: mpampianatra na mpiasa amin'ny fitantanana raharaham-panjakana na mpiasan'ny orinasa isankarazany dia efa samy manao izay ho afany any amin'ny sehatra misy azy rehetra any mandresy lahatra amin'io fanovana tsy maintsy atao io. Ny fikambanan'ny vehivavy, ny tanora, ny mpanao fanatanjahantena, ny mpianatra dia samy efa miasa avokoa.



Ankoatra izay dia misy ireo antoko politika manohana ahy izay misandrahaka manerana ny Nosy efa manentana amin'izay sehatra mifanandrify azy. Ny hianteheranay ihany koa dia ireo avara-pianarana na eto an-toerana na any ivelany, izay mahatsapa tanteraka fa tsy maintsy manova isika ary tsy hamela intsony ireo tsy mikendry afa-tsy hangoron-karena mbola handrombaka indray ny fitondrana. Ny fahavonona hanova eo amin' ireo sokajin'olona samihafa ireo no ianteherako fa tsy ny fanaparitahana vola hividianana olona amin'ny fifidianana. Sahiko ny milaza aminao fa mahomby ny fandresendahatra ataonay rehetra ireo na an-tanàn-dehibe na any ambanivohitra rehetra any. Ny mahamora azy koa dia efa samy miandrandra fanovana daholo ireo vahoaka maro an'isa mijaly tamin'ny fitondrana nifandimby teto ireo."

**- MG: ahoana no anadisoanao ny olona sasany milaza hoe : mbola tsy manana traikefa loatra amin'ny fitantanana raharaha politika sy fitantanana toe-karena ary fitantanana raharaham-pirenena ankapobeny ramatoa Fanirisoa Ernaivo ?**

**-FANIRISOA ERNAIVO:** ny fitantanana ny raharaham-pirenena dia tsy raharahan'ny Filoham-pirenena irery fa andraikitry ny ekipa miara-dia aminy . Notononiko teo ireo teknisiana sy "cadres" ambony anaty sendika ary ireo manampahaizana eto an-toerana sy mbola any ivelany noho ny antony samihafa aloha. Ireo rehetra ireo dia samy manana finoana sy zotompo fa tsy sarotra akory ny manova rehefa samy resy lahatra fa ilaina ny fanovana izao zava-misy izao. Ny Filoha dia Raiamandreny mandrindra sy manoritra ny lalana izorana. Iza amin'ireo mpifaninana amiko ireo no sahy milaza fa manana teknisiana ambony na manampahaizana na mpiasa mihoatry ny sendika samihafa efa mivonona hanova ka miaradia tanteraka amiko. Raha izaho manokana indray, matoa aho voafidin'ireo mpiasa izay sady manana traikefa no manampahaizana ambony ny androantokony dia midika zavatra maro izany fahatokisana napetraka amiko izany. Tsy hevitro izaho samy irery anie no naha kandida ahy fa safidy nataon'ny rehetra ary ampy hanazava izany fa manana ny toetra ilaina amin'ny maha mpitondra aho."

***Nangonin'i Ny Valosoa***

Pr Harimalala Joseph

# Lany andro manenjika azy, ireo matahotra ny filoha Ravalomanana

Efa miditra tanteraka ao anatin'ny fiatrehana ny fifidianana ny mpanao politika sy ny vahoaka malagasy. Mafana dia mafana ny fanehoan-kevitra etsy sy eroa na an-gazety io na amin'ny onjam-peo isan-karazany, ankoatry ny amin' ny alalan'ny tambazotran-tserasera. Isan'ny kandidà tena atahoran'ireo kandidà 35 hafa ny kandidàn'ny Antoko TIM dia ny filoha Marc Ravalomanana izany. Misy mihitsy ny mandany vola manarama olona hanaratsy fotsiny ity kandidàn'ny antoko TIM ity, ka miakatra amin'ny radio sy televiziona mihitsy, izay fantatra avy hatrany fa olona karamain'ny mpanongam-panjakana tamin'ny taona 2009 ary mbola ampiasaina indray hanaratsy hatrany ny filoha Marc Ravalomanana. Raha ny nambaran'i Pr Harimalala Joseph, izay mpandinika sy mpanarabaovao tsy tapaka dia nambarany fa diso tafahotra loatra ny fanaratsiana ny kandidà Marc Ravalomanana hoy izy, kanefa toa vao mainka mampamiratra hatrany ny lazany izany, raha araka ny fitsidiham-paritra rehetra ataon'ity filoha ity. Nambaran'ity mpandinika ity mantsy fa saika hitangoronan'ny olona hatrany ny tenany ary hitarainan'ny olona rehetra lalovany fa hafa tanteraka ny tamin'ny fotoan'andro nitondrany, na teo amin'ny fahasalamana sy ny fandriampahalemana ary ny fampianarana sy ny foto-drafitrasa izany. Nambaran'ireo renim-piakanaviana mihitsy fa na nandry an-tsaha aza ny mponina taloha dia natory nilamina fahiny saingy taorian'ny taona 2009 dia nikorosy fahana tanteraka ny fiainan'ny mponina. Nambaran'ity mpandinika ity fa tena ho tonga tokoa ny fitoam-pitsarana ireo mpanongam-panjakana ireo ato ho ato, araka ny fanaratsiana ataon'izy ireo dia lazainy fa ny filoha Ravalomanana indray no mpivarotra tanindrazana na dia niaraha-nahalala aza fa izy ireo no nanao izany, ka niteraka izao fahasahiranam-bahoaka izao. Eo anatrehan'ireo fanenjehina mafy atao amin'ny filoha Ravalomanana hoy ity mpandinika ity dia tsy izahay no hamaly izany fa hisaotra anareo aza no atao satria hoy ny tenin'i Jesosy tompo ao amin'ny Lioka 6 : 22-26 manao hoe : « Sambatra hianareo raha halan'ny olona ka ariany sy haratsiany, ary laviny toy ny zava-dratsy ny anaranareo, nohon'ny amin'ny zanak'olona. Mifalia hianareo amin'izany ka mibitaha fa indro, lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra ; fa izany no nataon'ny razany tamin'ny mpaminany. Fa lozanareo manan-karena kosa fa efa azonareo izay nahafa-po anareo. Lozanareo izay voky fa mbola ho noana hianareo ! lozanareo mihomehy ankehitriny fa mbola ho ory sy hitomany hianareo. Lozanareo raha milaza soa anareo ny olona rehetra fa izany no nataon'ny mpaminany sandoka. Ety am-pamaranana hoy ity mpandinika ity dia miantso am-panetren-tena ny rehetra mba hampanjaka ny fihavanana sy ny fifankatiavana ary ny firaisan-kina ny tenany, ka hampiseho fitiavan-tanindrazana eo anatrehan'ny fifidianana ho avy io, ka hanana fo feno fahatahorana an' Andriamanitra ka hampitsahatra ny fanelezana tsaho etsy sy eroa, ka mampihorohoro ny olona amin'ny filazana fisiana valan'aretina indray mba hanemorana ny fifidianana satria tadidio fa ho avy ny fitsaran'Andriamanitra anareo araka ny voasoratra ao amin'ny Isaia 3: 13-15 manao hoe: "Jehovah mitsangana handahatra ka miatrika hitsara ny firenena. Jehovah miampanga ny loholona sy ny lehiben'ny olony amin'ny fitsarana hoe: hianareo no efa nandevona ny tanimboaloboka; ary ao an-tranonareo ny fananan' ny malahelo izay efa nalaina an-keriny. Ahoana ny hevitrareo no hosihosenareo ny tavan'ny malahelo? Hoy i Jehovah tompon'ny maro.

***Lezama***

Dokam-barotra
NY VALOSOA
Tel. 034 79 076 00

## NY TENY FIAINANA



***II Tesaloniana 2:13***

*Fa izahay tsy maintsy misaotra an' Andriamanitra mandrakariva ny aminareo, ry rahalahy malalan'ny Tompo, satria Andriamanitra efa nifidy anareo hatramin'ny voalohany hahazo famonjena amin'ny fanamasinan'ny Fanahy sy ny finoana ny marina.*

facebook NY VALOSOA

## Mivonona amin'ny 1er tour dia vita avokoa ny Zanak'i Dada manerana ny Nosy



**Tanora Tim Antsirabe** : efa vonona tanteraka izahay hiatrika ny 1er tour dia vita. Vitantsika io e !

**L'homme Randrianaly** : ATY MAROANTSETRA VONONA LALANDAVA N°25 ny anay.

**Arisoa Micayahh Jjr** : sur mits, vitantsika io, Ravalo tena kandidàm-bahoaka marina tokoa.

**Hantamalala Kala** : marina zany, hiasa mafy isika, tsy tokony hisy intsony ny fanilikilihana, miara-miasa avokoa, Dada mandresy 1er tour izay no tanjona.

**Virginie Vonjinanahary** : ok N°25 avao ny antsika jiaby.

**Aryannah Harimanana** : OK le n'25, ion y antsika jiaby Mahajanga aty.

**Maminirina Hary** : Ok 25, Diego tsara patry Antsiranana mila vôla, pare amin'ny N°25 koa.

**Michel Jacques Rakotozafy** : 25 HIANY E, 25 AVAO, Mandiny anao Toliara Dada.

**Rahary Za** : tsara lay 1er tour dia vita fa mila miasa mafy avokoa.

**Fy Tahiana** : miasa tsara, miasa mafy isika rehetra dia vita io 1er tour io araka ny tanjontsika rehetra.

**Lanto Rbs** : Za maka anao foana Dada Ravalo a!

**Jean Alba Gabriel** : Ok 25 1er tour d vita, miha-mazava hatrany ny lalana izao, mandeha amin'ny Startimes ny MBS-TV, ny radio efa miparitaka amin'ny faritra maromaro,… Togava malaky ny 7 novambra fa ho latsa-bato sisa io.

**Razafi Mino** : azontsika io fa minoa fotsiny iany, araka ilay tenin'ny soratra masina hoe: aza matahotra minoa fotsiny ihany.

**Za Gasy Kristianina** : Hataraty io a!

**Claude Rolland Kibomy** : ok, hatratry Tamatave io.

## TONONKALO

### Izaho ilay izy

Izaho ry sakaiza ilay hoe Radomelina,
Ilay boaikely tsy lefy hatrizao.
`Lay nampiditra anao tao anaty tonelina.
Inoako fa tsy hozoviana aminao.

Ny tena mba haiko dia kobaka am-bava
Laroin-daingalainga sy hafetsifetsena,
F'izaho ilay mpamotika sady mpandrava
Mpivarotra hatramin`ny harem-pirenena.

Fitiavana, ny ahy , io no lehibe indrindra,
F'izaho dia DJ tena hafa karazana.
Tany Frantsa aho no nanindrahindra
Ilay hoe : ho fitiavana ny tanindrazana.

Raha ny hadedahana , aleo dia tsindriana
Fa io dia talentako hatrany amin`ny rako.
`Reo mpianatra gasy niseho nanakiana,
Tsy maintsy rahonako sy tsy hamelako.

…Eny fantatro fa hotsaraina ny vitako,
Tsy eto Frantsa fa ao Dago anefa,
Koa asa ny gasy mbola ho voafitako.
Tsy haiko raha mbola ho maro ny "zefa" !

***DADAN`I ZINA (21-09-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny mpomba ny filoha Ravalomanana teny Avaratetezana Ambohidroa ny alakamisy teo.













Ny fanadiovana faobe teny amin'ny Boriborintany faha-6 nataon'ny CUA sy ny fokonolona omaly.










Lioka 3: 3-6

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 16 septambra 2018

***Lioka 3: 3-6** "Ary nankany amin'ny tany rehetra any amoron'i Jordana izy nitory ny batisan'ny fibebahana ho famelan-keloka; araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'ny tenin'Isaia mpaminany hoe: Injany! misy feon'ny miantso mafy any an-efitra hoe: Amboary ny lalan'i Jehovah, Ataovy mahitsy ny lalan-kalehany. Ny lohasaha rehetra hototofana, Ary ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra haetry, Ary ny meloka hahitsy, Ary ny lalana mikitoantoana hohamarinina; Ary ny nofo rehetra hahita ny famonjen'i Jehovah (Isa. 40:3-5)."*

Hitanareo amin'izany ary ny maha-sarobidy ireo asa mifanohy sy mifanaraka ireo, **Isaia 40: 3-5** *"Injany! misy feon'ny miantso hoe: Manamboara lalana any an-efitra ho an'i Jehovah, manaova lalambe any an-tany foana ho an'Andriamanitsika. Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, Aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; Aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dalana ho tonga lemaka; Dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; Fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny."*. Tamin'ny andron'i Isaia mpaminany AHO JEHOVAH dia efa mampiteny azy fa tsy maintsy tanterahiko ny FAMONJENA anareo olombelona. Rehefa tonga ny fotoana dia i JAONA no ilay voaomana hitory fibebahana.

Lalana any an'efitra ho AHY = lalana vaovao, lalana marina

Lalam-be = maneho asa lehibe ho hitako

Hasandratra ny lohasaha = hasandratro izay manetry tena

Haetry ny tendrombohitra = ampibebahana ny mpirehareha sy ny miavonavona, ny mpanota rehetra e!

Ny be havoana ho tonga lembalemba = ireo rava sy potika ary niova averina amin'ny laoniny

Ny tany saro-dalana ho tonga lemaka = ho havaoziko ny zavatra rehetra ary tsy maintsy tanteraka izany fa efa notenenin'ny vavako. Ary izao ny nofo rehetra na ny maso rehetra na ny olombelona rehetra dia hiara-mahita izany FAMONJEKO izany. Mbola Isaia ihany no nampitenenana an'i JESOSY ny amin'ny Fanjakany sy ny Fanapahany, **Isaia 9: 5-6**. Hitanareo amin'izany fa efa ela ny faharatsian'ny olona ka nalefa mialoha ny TENY. Toy izao ny fahitako JEHOVAH ka dia efa nampitondra Teny tao amin'ny mpaminany AHO, tsy maintsy tanterahiko ireny amin'ny fotoanany. Dikany, hoy JESOSY, **Matio 6: 10**. Ho tonga anie ny Fanjakanao, hatao anie ny sitraponao, ety antany tahaka ny any an-danitra. Tsy maintsy tanteraka ny TENY FIKASANA na manao ahoana na manao ahoana zava-misy ambany masoandro. Efa ela no niainanareo tamin'ny lalanareo izay, kanefa tsy mahita fiadanana ihany ianareo. Toy izao no Teniko aminareo izay nandre AHY JEHOVAH sy mahalala AHY, eny na izay tsy mino koa aza. Ho tanterahiko amin'ny tany ny teny rehetra naloaky ny vavako, dia izay nampitondraiko ny mpaminany, Amosa 3: 7 *"Tsy manao na inona na inona tokoa Izaho Jehovah, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony"*. Ry mpihaino, ry mpamaky hajaina tsy an-kanavaka! Tonga ny fotoana, ho tanterahiko amin'ny TENIKO sy ny HERIKO lehibe ny FANJAKAKO ambany masoandro. Imbetsaka AHO no namerimberina fa haveriko amin'ny laoniny ny zavatra rehetra. Izao zava-misy sy zava-mitranga maneran-tany izao no hitondra ny olona ho any amin'ny FAHAVEREZAN-KEVITRA MAFY alohan'ny hidirana any amin'ilay FANJAKANA izay sady MASINA no MARINA. Tsy misy mahalala izay fomba hanatanterahiko izany. Ny tiako hambara fotsiny dia izao, **Nomery 23: 19**. Matoa AHO manambara sy mampahafantatra zava-miafina toa an'i JESOSY sy JAONA dia fotoana tokony hahalalanareo fahamarinana. IZAHO JEHOVAH na miteny izany rehetra izany aza dia izao : ireo asan'i JESOSY sy JAONA ireo no mialoha izany FANJAKAKO ho avy izany. Ny FIBEBAHANA irery ihany sy ny fahazahoana FAMELAN-KELOKA no ahatongavana ao amin'ny TENY FIKASANA. Takiako ny FIBEBAHAN'ny tsirairay, ry mpianakavy, ny mpiray tanàna, ny Fiangonana indrindra ny Firenena. Ry mponin'ny tany o! Ho avy tsy ho ela ny fampianarana momban'ireo dingan'ny Batisa ireo sy ny dikany ary ny antony. Aoka tsy hatao hampiady, hampifanditra, hampikorontana, hifampiandaniana sy hifampitsaratsarana ary ifampitsaratsarana. Zavatra toy izany mantsy dia mahatonga anareo hifamaly sy mifanilika, mifanenjika ary mifampitsikera. Aoka izay izany rehetra izany fa miteraka fifankahalana. Tsy fantatrareo mantsy fa zavatra toy izany anie no miteraka fahapotehana amin'ny endriny maro, faharavam-piainana, fahapotehin-javatra eo amin'ny firenena, fitsitokotokoana eo amin'ny fivavahana, ady an-trano ho an'ireo tsy fitoviam-pijery, tsy fitoviana tanjona. Tsy ahitam-pamonjena sy fifaliana ny fiainana toy izany. Miteraka fifanodrotondroana izany ary sarotra aminareo zanak'olombelona ny miaiky fahadisoana, indrindra fa ny miaiky heloka sy fahotana sy tsy manaiky ho tompon'andraikitra amin'ny fahadisoana vita sy natao. Na tianareo anefa na tsy tianareo dia ireo rehetra ireo raha te hahita FIOVANA MARINA ianareo. Averiko JEHOVAH mandrakariva aminareo fa raha tsy mibebaka ny olona tsy tonga eo amin'ny PROGRAMAKO. Inona moa io programako io??? Dia ilay FIFOHAZAMPANAHY farany ambonin'ny tany io an! Ny asa atao voalohany amin'io dia FIBEBAHANA, ka araho tsara ny fampianarako mikasika izany fahamarinana izany. Ry Malagasy o! Ianareo no hanomboka izany asa lehibe izany ary amin'ny alalan'ny mpaminany AHO no miasa maneho ny ato am-poko fa izany no FOMBAKO. Noho izany, ny fahalalanareo ireo zava-miafina ireo no hahatafavoaka anareo, tsy i Madagasikara ihany no ho vonjena fa izao tontolo izao. Tonga ny fotoana, tena tonga e! Aoka samy hiomana hiaiky heloka sy fahotana, **Matio 3: 5-6**, ny Fibebahana no mialohan'ireo Batisa rehetra ireo. Raha maty JESOSY ka natsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo toy izany koa i JAONA, raha maty izy ka nalevina tao anaty rano, dia natsangan'ny anjely tamin'ny andro fahatelo. Toy izany koa ianareo izay manaiky hibebaka ankehitriny, tsy maintsy mandalo fahafatesana koa ianareo olombelona, ao anaty rano, alevina tsy maintsy mandalo io fahafatesana io ianareo, averiko mihitsy izany teny izany, ***Asan'ny Apostoly 1: 5***, afaka 3 andro izany andro vitsivitsy izany. **Matio 24: 2**[e]. Tsy avela hisy vato mifanongoa eto ka tsy ho ravana.

Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

TAFATAFA

Profesora James Ratsima

# Mpanongam-panjakana ny HCC

***Fanehoan-kevitry ny mpanao politika James Ratsima no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany:***



*Ny mpanao politika, Pr James Ratsima.*

Un coup d'Etat est la prise du POUVOIR dans un Etat par une MINORITE grâce à des moyens non constitutionnels, imposée par surprise et utilisant la force. Les auteurs d'un coup d'État, ou putschistes, s'appuient en général sur tout ou partie de l'armée et bénéficient du soutien d'au moins une partie de la classe politique et de la SOCIETE CIVILE.

La LEGITIMATION du coup d'Etat par un approbation d'une nouvelle CONSTITUTION, par un PLEBISCITE ou des ELECTIONS.

Io no teny entiko hoy izy. Satria dia Coup d'Etat Moderne no entin'ny vahiny mametraka gasy ho entiny ibaikoana ny firenentsika. Tsy ivalamparako ny tantaran'ingahy Andry Rajoelina izay efa fantatry ny Malagasy ny fanonganam-panjakana nataony araka io famaritana ny atao hoe coup d'état nolazaiko io. Fa inona kosa no tiako ho lazaina amin'ilay hoe Coup d'Etat Moderne ?

Hatramin'ny nahaterahan'ny Fanjakana Repoblikana teto Madagasikara, misy Filoham-pirenena sy Praiministra, dia miady fo isika mianakavy manao izay hampandaniana ny Filoha tiantsika, saingy omena volabe hotantaniny io Filoha io rehefa lany, tsy misy ataony hafa-tsy ny manatanteraka ny PROJET PRESIDENTIEL, ary vitany izany.

Etsy ankilany ny hafa firenena, milalao sy manjakazaka araka izay danin'ny kibony mandroba ny harempirenena sy ny ekonomia Malagasy amin'ny alalan'ny fibaikoana ny Praiministra, izay tsy ny Filohantsika velively no mametraka azy fa fandrebirebena saim-bahoaka fotsiny izany, fa ny VAHINY no mametraka an'ireo Praiministra rehetra nifandimby teto ireo, tsapa izany indrindra tamin'ity Repoblika fahaefatra ity, efa ho tapa-taona vao tafapetraka izany toerana izany, ary matetika dia SAFIOTRA na Malagasy mizaka ny zom-pirenena Frantsay. Ary io Praiministra napetrany io no baikoiny hanatanteraka ny sitrapony eto, manendry ireo ministra jiolahim-boto sy mpiray petsapetsa amin'ny fangalarana sy fandrobana eto. Hany ka rehefa mitroatra ny vahoaka dia soloiny fotsiny ny Praiminsitra, porofon'izany efa fanindiminy io Praiministra Ntsay io nandritra ny Mandat iray.

Coup d'Etat Moderne ny prise du pouvoir dans un Etat par une minorité grâce à des moyens non constitutionnels, tondroiko eto ny HCC, izay mamoaka didy NON CONSTITUTIONNEL, taiza teto ambonin'ny tany no mbola nisy famoahana didy hafahafa toy ireny, hoe ny Filoham-pirenena no nanitsaka lalam-panorenana sy ho saziana, dia ny Praiministra no didian'ny HCC ho esorina, avy eo ny ARTICLE 54 tokony nampiharina tany amin'ny fiandohàn'ny Mandat-ndRajaonarimampianina no terena ankehitriny iainan'ny Malagasy aorian'ilay COUP D'ETAT MODERNE voalazako etsy ambony ?

TONDROIKO HO MPANONGAMPANJAKANA IANAREO MPIKAMBANA REHETRA AO AMIN'NY HCC, izay tarihin'Andriamatoa Jean Eric RAKOTOARISOA. Putchiste ianao, Putchiste ianareo, ary tompon' andraikitra feno amin'ny fahapotehan'ny firenena Malagasy.

Voka-dratsin'ny didy navoakanareo dia hita fa : MITANILA io Governemanta NTSAY io ary hiteraka korontana eto amin'ny firenena, satria CONSENSUS ANATANTERAKA FIFIDIANANA izany miara-mitantana, tsy misy tombo sy hala, indrindra ho an'ireo kandida, ka na io samy manana solon-tena ao amin'io governemanta ao izy 36, na samy tsy manana, eto anefa dia nofitahina ny vahoaka fa ny MAPAR izay PUTCHISTE nahazo legitimation avy taminareo HCC no maro an'isa ao amin'io governemanta mpikarakara fifidianana io tamin'ny alalan'ny ARTICLE 54.

Koa milaza amin'ny kandidà mpifaninana rehetra ny tenako, ho an'izay tonga saina mba hiara-hikaondoha mba hitadiavam-bahaolana amin'io fifidianana atao amboletra io, ny tanjona dia ny hanatanterahana fifidianana mangarahara tsy mitanila sady eken'ny rehetra. Ary hanavao ny Lalàm-panorenana Malagasy izay manome tombontsoa ho an'ny hafa firenena ka mahakizofara ny taranaka Malagasy. Satria raha manaiky an'io ianareo dia ho avy ny iray na ny maromaro aminareo hitarika olona hidina an-dalambe hanohitra ny valim-pifidianana satria hotondroinareo ho feno hosoka sy hala-bato. Ka nahoana no tsy dieny izao dia sorohina izany korontana izany mba hanomezana ny zon'ny vahoaka hanana firenena vanona sy handry fahalemana ? tsy eken'ny saiko intsony ny hisian'ny rà latsaka eny amin'ny 13 mey, io 13 mey io dia mihosin-drà hatrany ampiandohàna. NDAO ALOHA HALAMINA NY RAHARAHAM-PIRENENA, HANAO FANOVANA IFOTONY ISIKA MBA HIADANAN'NY AMBANILANITRA SY HO LAVITRY NY BAIKOMBAZAHA.

**Ny Valosoa**

TRANGA MAMPALAHELO

## Tovolahy 17 taona nanolana zazalahikely 7 taona

Vokatry ny fijerena ireny fijerena sarimihetsika mamoafady ireny dia lasa manaonao foana ny ankizy ankehitriny, ary dia tena tafiditra lalina amin'ny fomba mamohehatra momba ny firaisana aranofo ity, ka hatrami'nny ankizy avy no efa tafiditry ny firaisan'ny lahy samy lahy amin'izao fotoana. Isany ny tranga niseho teto Antsirabe, tao Antsenakely, tamin'ity herinandro ity, ary tena karazana fanolanana mihitsy no nihàtra tamin'ny zazalahikely vao 7 taona monja nataon'ny tovolahy 17 taona. Araky ny loharanom-baovao azo, dia mpiray tanàna sy mpiara-milalao izy roalahy ireo. Manana finday iray misy itony lalao itony ilay tovolahy ary ao anatin'io lalao io no misy lahy samy lahy manao firaisana. Jeren'izy ireo matetika io finday io, ary farany dia notambatambazany ilay zazalahikely ny hanao toy io zavatra jeren'izy ireo io. Amin'ny maha zaza, dia roboka tokoa. Entiny any amin' ny toerana takotakona ilay zaza no hanamparany ny filan-dratsiny sy ny firaisan'ny lahy samy lahy. Tsy sahy nilaza tamin'ny ray amandreniny mihitsy ilay zaza satria mety ho norahonan'ilay tovolahy. Ny faran'ny herinandro teo anefa, raha sendra hamonjy toerampivoahana ny reniben' ilay zazalahikely, dia akory ny hatairany fa indreo tratrany teo izy roalahy. Avy hatrany dia namonjy ny mpitandro ny filaminana ilay ramatoa nitantara ny zavatra hitany. Rehefa nanontaniana ilay zaza, dia nilaza ny marina fa nisy tokoa io firaisana natao io, raha nilaza ho nakasokasony fotsiny tamin' ny fitomben'ilay zaza ny filahiany kosa no nambaran'ilay tovolahy. Rehefa tena nofotorina anefa, dia nilaza ihany fa efa indimy izy ireo no nanao io fomba ratsy io. Omaly no natolotra ny fitsarana ilay tovolahy ary efa nidoboka am-ponja.

***Lezama***

Miandrarivo Bongolava

## Trano miisa 39 no may kilan'ny afo noho ny doro tanety

Trano misa 39 no may kilan'ny afo tany Ambatoanosy Kaominina Miandrarivo faritra Bongolava, miisa 169 ireo olona tsy manan-kialofana, ahitana zaza amam-behivavy, beantitra sy bevohoka. Potika tsy nisy noraisina avokoa ny entana tao an-trano rehetra, toy izany koa ny vokatra, tao amin'ireo trano ireo, nisy tamin'ny biby fiompy ihany koa no nahita faisana. Raha ny fantatra dia noho ny doro tanety nataon'olona tsy fantatra no niitatra ka nandoro ireo tanàna ireo, mazana tsy misy ny azo atao raha ny tranga toy itony eny ambanivohitra satria tsy misy ny famonoana afo, ny tafo ihany koa saika tafo-bozaka avokoa, ny tsioka koa dia nahery vaika. Hatreto aloha mbola tsy nisy afa tsy ny kaominina no tonga nitondra ny voatsirambin' ny tananany, andrasana ny avy amin'ny fitondrana mahefa.

***Serge***

Mandoto

## Mpianatra hanala fanadinana nisy naka an-keriny sy namatotra teny an-tsaha


Efa manomboka tonga aty Vakinankaratra ankehitriny ny resaka fakana olona an-keriny. Ny tsy fantatra aloha dia na helom-ponenana eo amin'ny samy mpiray monina na dia efa sotasota sy asa ratsy fotsiny izao. Tao an-drenivohitry ny kaominina Mandoto ny alatsinainy lasa teo no nitrangan'izany raha ny tatitra. Nisy naka ankeriny tao an-tranony vao mangiran-dratsy mantsy ny tovolahy iray saika hanala fanadinana, tao amin'ny tanàna antsoina hoe Mandotokely, ary nisy namatotra teny antsaha. Io alatsinainy io, raha ny fanazavana azo avy amin'ny ben'ny tanàna any Mandoto, tokony ho tamin'ny 3 ora maraina teo ho eo, dia nifoha maraim-be ilay tovolahy hahandro sakafo, satria hiomana ny handeha hamonjy ny foibem-panadinana ao Mandoto izay hanaovany ny bakalôrea. Vao nivoha anefa ny trano, dia nisy olona naka azy sy nisintona azy avy any an-tokontany. Nentin'ireo olona efa-dahy niala ny tanàna izy, araky ny fitantarany, ka rehefa tonga teny amin'ny toerana somary mangingina, dia nijanona izy ireo. Nahatsiaro saina tsara io tovolahy io nandritra izay fotoana rehetra izay. Nafatotr'ireo olona naka azy izy, teo amin'ny valahany sy ny tongony, ary nahanton'izy ireo teny ambony hazo avy eo. Nanomboka io maraina io izy no nihantona sy nifatotra teo, ary rehefa ela nikarohana ny fianakaviany sy ny fokonolona, dia hita ihany izy rehefa hariva ny andro. Niharan'ny herisetra ihany koa io tovolahy io satria nisy rà nivoaka ny vavany ary mangana be ihany koa ny vatany. Nentina namonjy hopitaly haingana izy, ary rehefa tena nivaha ny fatorany, dia ela mihitsy vao tena niverina ny sainy ka afaka nitantara izay rehetra nanjo azy ilay tovolahy. Marihina fa tsy nisy olona fantatr'ilay tovolahy ireo efadahy naka azy an-keriny, ary teo no nanombanan'ny maro fa na saika hanao takalonaina indray saingy diso adiresy, na sotasota na dia efa misy olona miketrika fanakorontanana fotsiny izao. Malaza indray mantsy ankehitriny ity fakana an-keriny ity rehefa tsy misy intsony angamba ny omby.

***Solohery***

MBS Televiziona

## Efa mandeha amin'ny STARTIMES

Efa manao andrana amin'ny satelita amin'ny alalan'ny STARTIMES amin'izao fotoana izao ny MBS Televiziona, eo amin'ny canal 106 no ahitana izany nanomboka tamin'ity herinandro ity. Noho izany ankoatra ny eto an-drenivohitra dia efa mahazo ity fahitalavitra tsy miankina ity ny any amin'ny faritra. Maro ireo antso efa voarain'ny tompon'andraikitra fa mahazo izany ny any amin'ny faritra isanisany any. Noho ny fandehanan'ny MBS-Tv amin'ny fahitalavitra mandeha amin'ny satelita STARTIMES izay dia faly ny ankamaroan'ny mponina, efa ela no niandrasan'izy ireo an' izany, satria araka ny nambarany dia efa leon' ny fafy lainga ataon'ny haino aman-jery sasany izy ireo. Eo am-panatsarana hatrany ny fahazoana ity fahitalavitra ity ny teknisiana ao amin'ity



haino aman-jery ity ankehitriny. Momba ny onjampeo MBS kosa, efa faritra maro eto amin'ny Nosy ihany koa no efa mandeha ny MBS Radio any amin'ny faritra. Ankoatra izany, fantatra fa mbola mifampiresaka amin'ny tompon'andraikitry ny Canal Plus ihany koa ny tompon'andraikitry ny haino aman-jery MBS ny amin'ny handehanan'ity haino aman-jery tsy miankina ity amin'izany televiziona satelita Canal Plus izany koa.

***Isambilo***

Boriborintany faha 6 (CUA)

## Nanao fanadiovana faobe entina miady amin'ny aretina pesta

Araka ny toromariky ny ben'ny tanàna, Lalao Ravalomanana, amin'ny tokony hampadio ny Tanàna hatrany, amin'ny maha soa iombonan'ny Malagasy azy dia niara-nientana nanao fanadiovana faobe teny amin'ny boriborintany faha-6 ny ekipan'ny kaominina Antananarivo rehetra, notarihin'ny sekretera jeneraly Heriniaina Razafimahefa, ny delegen'ny boriborintany faha 6, Fehizoro Andriamananjezika, niampy ireo tale isan-tsokajiny ao amin'ny CUA izay niara-niasa tamin'ny fanatontosàna ny asa fanadiovana. Niaraka tamin'ny kaominina tamin'izany ny fokonolona nanerana ny fokontany 32 ary ny RF2 ao amin'ity boriborintany ity, izay miisa 650. Nozaraina faritra 6 ny fokontany miisa 32 voakasiky ny fanadiovana : Ankazomanga, Anosivavaka, Antanety Atsimo parking ao amin'ny biraon'ny boriborintany faha 6, Andranomena, Ambohimanandray ary ny tsenan'Ambohimanarina. Araka ny fanambaràn'ny delegen'ny boriborintany faha 6, Fehizoro Andriamananjezika dia natao ny fadiovana faobe izao mba hisorohana ny mety ho fiavian'ny aretina, indrindra ny pesta ary mba ho tombontsoa ho an'ny rehetra. Tsy ny lalampirenena ihany hoy izy no nodiovina teto fa ireo lalan'ny kaominina ihany koa, ankoatra izay, teo ny fanesorana ny loto manentsina ny lakandrano. Eto izahay dia miantso ny tompon'andraikitra manala ny fako na ny manana andraikitra manandrify izany hoy hatrany ny delege Fehizoro Andriamananjezika, mba hanao ny asany hibata ny fako ho tombontsoan'ny mponina eto amin'ny tanànan'Antananarivo. Manentana ny mponina ihany koa mba hitandro mandrakariva ny fahadiovana, satria izay tsy mandoto dia efa naman'ny manadio ihany.

***Helisoa***



Synodam-paritany Antananarivo atsinanana

## Hanangana ivon-toerana fitoriana filazantsara

Tapaky ny filan-kevitry ny synodam-paritany Antananarivo atsinanana fa hanangana ivon-toerana fitoriana filazantsara ny synodam-paritany amin'ity taona ity. Eny amin'ny faritra avaratr'Andohalo izy io raha ny nambaran'ny prezida synodaly, ny mpitandrina Rabenantoanina Philibert. Ankoatr'izay dia katekista miisa 600 avy amin'ny synodam-paritany Antananarivo atsinanana no natanteraka fitoriana filazantsara tany amin'ny faritra atsimo atsinanana, eo amin'ny sahan'ny fiangonana FJKM. Tafiditra ao anatin'ny vinan'ny Fjkm hoe vontosy Filazantsara ny nosy Madagasikara izy io. Fa any amin'ny faritra antsoina hoe Betsitoavina dia hanangananana fiangonana ihany koa satria tsy mbola misy fiangonana any amin'izany toerana izany ankoatry ny any amin'ny ilany atsinanana mifanila amin'ny synodam-paritany Mangoro Moramanga. Fa ny faran'ny herinandro teo no nitokanana ny tsangam-baton'ny faha-150 taonan'ny Fjkm Merikanjaka Fanantenana synodam-paritany Antananarivo atsinanana. Fanitarana fiangonana mirefy 6 metatra amin'ny 22 metatra izy io sady fetin'ny taranaka rahateo. Ezaky ny fiangonana sy ny zanaka am-pielezana sy ny malala-tànana ary mbola hitohy amin'ny fanatsarana akany sy ny trano vadim-piangonana ny hetsika manaraka raha ny nambaran'ny filohan'ny komitin'ny jobily; Rakotomanga Bernard.

***Rajo***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**15/09/18 hatramin'ny 22/09/18**

- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **TSARAMASAY** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy (près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/ 020 22 545 59/ 034 07 545 58

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 817-09-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

BELOBAKA –TSIROANOMANDIDY

## Hiakatra ny voka-bary amin'ity taona ity

Raha nampijaly fatratra ny tantsaha teny amin'ny tontolo ambanivohitra ny hetraketraky ny fiovan'ny toetr'andro tao anatin'ny taona maro, anisan'izany ny any amin'ny faritra Bongolava. Nanambara ny ben'ny tanàna iray any amin'ny kaominina Belobaka fa ho tsara ny voka-bary amin'ity taona ity, noho ny fitantanana mangarahara sy ny fitadiavana lalambola entina hamelomana indray ireo toha-drano efa tsy nisy fanamboarana an-taonany maro. Tafiditra tao anatin'izany ny vola azo tamin'ny FDL, na ny tahiry ho amin'ny fampandrosoana sy ny tamberimbidy amin'ireo vokatra sy ny habatsena, sy tany ary ny hetran-trano. Fanambin'ity Ben'ny tanàna ity raha nandray ny fitondrana izy ny hamerenanana indray ny lazan'ny tanàna raha toa ka potika tanteraka nandritra ny folo taona tsy naha ben'ny tanàna azy teo aloha intsony. Tsapa ary azo hambara ihany koa fa efa mihena ny asan-dahalo any an-toerana noho ny fiarahamientan'ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana , ho afa -mamokatra amin'izay ny tantsaha ka hitombo ny vokatra.

***Serge***

Teratany Kaomorianina

## Liana amin'ny fambolena any Vakinankaratra

Delagasiona vahiny avy atsy amin'ny Nosy Comores no tonga nanao fitsidihana ara-pomba fifanajana teto anivon'ny Faritra Vakinankaratra ny talata tolakandro teo, izay noraisan'Andriamatoa Ramarijaona Andrianjafisoa, tale kabinetran'ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra. Nandritra izany no nanazavana fa i Vakinankaratra dia faritra manankarena voankazo sy legioma maro, anisan'izany ny fambolena paoma, ny ovy. Vonona hatrany ny Faritra Vakinankaratra hoy ity farany, amin' ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatry ny fambolena ary vonona ihany koa ny hanome traikefa amin'ny fampiharana ary indrindra amin'ny famadihana ny voankazo ho lasa zavatra azo tehirizina toy ny "kaonfitira". Eo amin'ny sehatra fifanakalozana ihany koa dia malalaka ny fiarahamiasa. Ary namaranana ny fitsidihana dia fitsidihana ny "pepinière" an'ny Faritra nanehoana ny tetikasa ho fiarovana ny tontolo iainana. Amin' ny maha-firenena mpirahavavy ny Nosy Kaomoro sy Madagasikara dia isan'ny dian'izy ireo ny hijery ny soatoavina Malagasy, ka niatrika ny fanamarihana ny fankalazana ny taom-baovao Malagasy teto Vakinankaratra tany Betafo ireo delegasiona.

***Lezama***

Rano fisotro madio sy ny fidiovana

## Manohana ny faritra Vakinankaratra ny Holcim

Mpianatra miisa 572 avy amin'ny EPP maro toy ny tao Bemololo, EPP Fiadanana ary ny EPP Tritriva no nahazo fotodrafitrasa ho an'ny rano fisotro madio sy fidiovana. Izany dia vokatry ny fiarahamiasan'ny fanjakana sy ny tsy miankina. Nifanolo tanana arak'izany ny SAF/ FJKM sy ny orinasa lehibe Holcim , izay manana ny toerany aty Vakinankaratra. Ireto avy ireo karazana fotodrafitrasa napetraka tamin'ireo toerana voalaza ireo : paompin-drano « Point d'eau équipé de Pompe à Motricité Humaine – PPMH », fanasana tanana «Dispositif de Lavage des Mains – DLM ». Fantatra ary ankehitriny fa mbola ambany ny tahan'ny fahafahana manana rano fisotro madio eto Vakinankaratra, indrindra eny anivon'ireny sekolim-panjakana ireny, ka saika ireny sehatra tsy miankina ireny no hianteheran'ny sekoly sy ny tompon'andraikitra. Noho izany dia mitady ny paikady rehetra ny faritra amin'ny fitadiavana fiaraha-miombon'antoka amin'ny tsy miankina. Ohatra velona sy porofo mivaingana izao diantanana ataon'ny orinasa Holcim izao, ary mbola hanentanan'ny avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra ny finiavana sy ny tolo-tanana avy amin'ny hafa.


***Solohery***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 252**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0251)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Havanana | - Tale (Miv) | - Handeha | - Nana – Zo |
| - Alina – Os(y) | - No | - Ala | - Ahy (Miv) |
| - Nanenina | - Alarobia | - Vintana | - Nono – Ny |
| - Tsaho | | - Tsena (Miv) | - Asa – Boa |

**TENY MIFANAPAKA** **N° 252**




**Mitsivalana**

**1.** Olon-tianay **2.** Taova (Miv) – Tolorana **3.** Kisoa dia – Tsirin-teny lharana **4.** Tapaka **5.** Rava – Tapitra (Miv) **6.** Kianja (Miv) – Ao amin'ny basy **7.** Kosa – Marika – Mamarana ny hiranay **8.** Hekitara (Miv) – Endrika (Miv) – Efatra romana **9.** Mpanolotra – Feo miverina **10.** Anarana tanàna.

**Mitsangana**

**A.** Potraka **B.** Tao – Mibango volo (Miv) **D.** Olona roa mitovy – Maneho naoty tsara **E.** Avo tsy takatra – Aiza ? **F.** Aro tongotra (Miv) **G.** Haja sy voninahitra – Aretina azo amin'ny firaisana **H.** Aminy – Foto-tenin'ny mibaby (Miv) **I.** Tsy aloha fa aoriana handatsa – Zanak'i Dada **J.** Vizana – Raisiko **K.** Eka – Karazana ovy (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0251

**Mitsivalana**

1 Hitrango 2. II - Nao 3. Ilsozana 4. Nandidy - Rà 5. Voanio (Miv) 6. Nao (Miv) - Antoka 7. Fio - Havia (Miv) 8. Re - Vy (Miv) - Aho (Miv) 9. Arina - (V)aky 10. Tianay (Miv) - (R)a(n)e(n)y

**Mitsangana**

A. Haingo - Ray B. La - Afera D. Tranony - In E. Ody - Aina F. Aizina - Voy G. Niadana H. Niaty I. Ana - Vovoka J. Kahie K. Lohasaha

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana teny Isotry sy Anosibe ny alakamisy teo.**
















## Izao no fotoana!

Olona maro no mangetaheta sy maniry hitondra anjara biriky mivantana hampandaniana ho Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ny Kandidà Marc RAVALOMANANA, laharana 25

Noho izany dia horaisina an-kafaliana izay vokatry ny fonao sy ny feon'ny fieritreretanao. Ka ireto ny kaonty misokatra hahazoanao mandray anjara:

MVOLA: +261 34 80 332 24

BOA: 0009 05000 15711670001 36 Comité de soutien à Marc RAVALOMANANA

Ho porofointsika rehetra indray fa
"NY MIASA MIARAKA NO FAHOMBIAZANA".
Mankasitraka antsika sahady amin'izay hafanampontsika.

Raha mila fanazavana fanampiny dia ireto ny laharana antsoina:

+261 33 11 191 77

+261 34 47 754 30

+261 32 54 347 22